



ANTENIMIERAMPIRENENA



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitianana - Tahindrazana - Fandrosoana

**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-127

**FIFIDIANANA IZAY HO FILOHA LEFITRY NY ANTENIMIERAMPIRENENA,  
AVY AMIN'NY FARITANIN'I TOAMASINA**

Fivoriana Faha-7  
Natao ny  
Talata 25 Mey 2021  
- Maraina -

## FIVORIAMBE

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** Ramatoa ROKOTOMANGA Lantoarivola Sedera

**FOTOANA:** Talata 25 Mey 2021, tamin'ny 10 ora sy 25 minitra, maraina.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fifidianana izay ho Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena, avy amin'ny Faritanin'i Toamasina.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory samy nahatratra ny fetin'ny Pentekosta, Ramatoa Filoha dia nampahatsiahny ny fandaharam-potoana hotanterahina androany, izay fifidianana ny ho Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena, avy amin'ny Faritanin'i Toamasina, noho ny fahabangana nisy tamin'io toerana io satria voatendry ho mpikambana ao amin'ny Governemanta ny tomponandraikitra tamin'izany.

Nomarihany, fa ny Tale miandraikitra ny Informatika eto amin'ny Antenimierampirenena no hamoaka ny fanamarinam-pahatongavan'ny Solombavambahoaka amin'ny fotoana mahamety izany.

Nanamarika koa, Ramatoa Filoha, fa ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena sy ny andininy faha-3 tamin'ny fanapahana laharana faha-04-HCC/AR tamin'ny 17 Mey 2021 navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana dia mandeha mivantana amin'ny "facebook" ny fivoriana. Koa iangaviana ny Solombavambahoaka mandray fitenenana mba hitandrina ny teny ataony.

Rehefa izany, nampahatsiahny ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony ny tenany.

Nampahatsiahiviny ihany koa, fa araka ny andininy faha-16 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra dia fidiana ho amin'ny faharetan'ny fotoam-piasana araka ny fepetra mitovy amin'ny Filoha. Izany dia atao amin'ny alalan'ny latsabato miafina.

Nambarany fa ny Vondrona Parlemantera IRD irery no nahatonga taratasy filatsahan-kofidiana, amin'ny anaran-dRamatoa Solombavambahoaka NAHARIMAMY Lucien Irmah, voafidy tao amin'ny Distrikan'i Toamasina I.

Nomarihany ihany koa, fa nanao fanambarana ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera GPR, ka niangavian-dRamatoa Filoha, ny Mpitantsoratra hamaky izany.

Nanatanteraka izany Ramatoa ROKOTOMANGA Lantoarivola Sedera ary toy izao no fivakiny: Miarahaba amin'ny anaran'ny GPR.

Manoloana ny fifidianana izay ho Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'i Toamasina hotanterahana ny Talata faha-25 Mey 2021 izao; rehefa nifampiresaka sy nifampihaino izahay dia tsy handrotsaka kandida hofidiana amin'izany toerana izany ny GPR.

Natao izao fanapahan-kevitra izao mba ho fanajana ny fandaminana izay efa nekenay hatramin'ny voalohany tamin'ny fifampizarana andraikitra eto anivon'ity Andrimpanjakana ity. Izany anefa tsy midika, fa hanaraka ambokony ny ataon'ny vondron'ny maro an'isa izahay, fa mijoro ho hery afovoany ato amin'ny Antenimierampirenena.

Natao izao fanambarana izao mba hanan-kery amin'izay mety hilana azy.

Ny Solombavambahoaka, MILAVONJY Andriasy Philobert, Filohan'ny GPR.

Taorian'izay, nisaotra ny Mpitantsoratra tamin'ny famakiany ny fanambarana, Ramatoa Filoha no sady nisaotra ihany koa ny Vondrona Parlemantera GPR, tamin'ny fanapanahan-kevitra noraisiny.

Rehefa izany, nambarany fa tsy nisy Solombavambahoaka nahatonga taratasy filatsahan-kofidiana intsony afa-tsy ny Solombavambahoaka NAHARIMAMY Lucien Irmah ihany. Izany hoe, kandida tokona no hofidiana amin'io toeran'ny Filoha Lefitra avy any Toamasina io.

Talohan'ny fandraisam-pitenenana ho amin'ny fampielezan-kevitra, nanamarika Ramatoa Filoha, fa 5 minitra no omena ny Solombavambahoaka hanolotra ny kandida.

Andriamatoa isany, RAMAMONJISOA Jhon Whary sy RAJAobelina Lova Herizo no voatendry hanao izany, kanefa nisy Solombavambahoaka maromaro nanangan-tànana ka nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana, ka ireto avy izy ireo:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- VELANTSARA Paul Bert
- RANDRIANASOLO Jean Nicolas
- VONINAHITSY Jean Eugène
- RAZAKANDRINY Henri Dominique
- RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth
- PEPIN MICHOU
- RAZANADRABEARIMANANA Jacques Aurelien
- RAHERIARIJAONA Régina Clarisse
- VELOMAHAZO Patrice
- BAOFENO Micheline
- TSABOTOKAY Honoré
- SAID ZAKANIAINA Mahafaly Joseph
- ANDRIATAHINANOMENJANAHARY Felicien
- RAHELIHANTA Jocelyne
- DARKHOUI Siritis
- RAHANTANIRINA Lalao

Marihana, fa voasolotena tamin'ny fandraisam-pitenenana nataon'ny Solombavambahoaka ny Faritany enina misy eto Madagasikara.

Nisongadina tamin'ny teny nataon'ny Solombavambahoaka ny fankasitrhana ny fanolorana kandida tokana amin'ny filatsahan-dRamatoa NAHARIMAMY Lucien Irmah, ho Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'i Toamasina.

Manampy izany, ny filazan'izy ireo ny traikefa ananany amin'ny asa sy ny resaka politika. Maro ny Solombavambahoaka nilaza, fa anisan'ny olona tena nanohana mafy ny Filohampirenena, Andry RAJOELINA, hatramin'izay ka hatramin'izao Ramatoa NAHARIMAMY Lucien Irmah, ka rariny raha hofidiana amin'io toerana io. Ohatra amin'ny traikefa ananany, ny naха-mpikambana azy tao amin'ny Kongresin'ny Tetezamita, ny nahavoafidy azy ho Solombavambahoaka indroa ary ny nanendrena azy ho Minisitry ny Mponina; eo ihany koa ny maha Sekretera Nasionalin'ny TGV azy amin'izao fotoana izao.

Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, Filohan'ny Vondrona Parlemantera IRD no nitondra izany teny izany voalohany.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, nanambara fa hifidy ny kandida natolotry ny IRD, saingy tsy tokony hisy fiatsarambelatsihy rehefa miara-miasa, indrindra amin'ny sehatra politika.

Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique kosa nanamafy ny fanambarana nataon'ny GPR ary miombon-kevitra amin'ny fanolorana kandida tokana satria ~~ny~~ maneho firaisan-kinan'ny Antenimierampirenena ny fanaovana izany.

Andriamatoa RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth indray, nanamarika fa tsy mihatsaravelatsihy ny Vondrona Parlemantera IRD, fa misokatra amin'ny fiaraha-miasa ho an'ny rehetra sady afaka mihaino ny hevity ny hafa.

Raha nomena fitenenana Ramatoa RAHERIARIJAONA Régina Clarisse, nanambara fa manohana ny sosokevitra avy amin'ny IRD. Izany hoe hifidy ny kandida tokana ny tenany.

Nitondra fialan-tsiny avy amin'Andriamatoa FELICIEN Randrianantenaina koa ny tenany satria tsy afaka hifidy izy noho ny fandalovan'ny razan'ireo miaramila lavo tamin'ny asandahalo, ka niangavy ny handatsabato ho azy ny tenany raha azo atao.

Ramatoa MASY Goulamaly Marie Jeanne D'Arc, raha nandray fitenenana dia tamin'ny maha Filohan'ny Vaomieran'ny Miralenta azy no nanaovany izany. Nambarany fa faly ny tenany raha resy lahatra ny GPR tamin'ny fanekena ny kandida natolotry ny IRD ary nitaona ny Solombavambahoaka rehetra mba hifidy an-dRamatoa NAHARIMAMY Lucien Irmah, indrindra fa vehivavy no natolotra.

Ny an-dRamatoa BAOFENO Micheline kosa, nanasongadina fa hatao tahaka ny nifidianana an-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena izao fifidianana izao. Izany hoe, holaniana 100% ny kandida tokana natolotry ny IRD.

Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne raha nandray fitenenana dia nilaza fa tsy salama, miditra hopitaly ny tenany saingy hanao ny adidiny ary nitaona ny Solombavambahoaka rehetra handany ny kandida tokana natolotra.

Ramatoa RAHANTANIRINA Lalao indray, nirary soa ho an'ny Solombavambahoaka rehetra sady nankasitraka ny filatsahan'ny kandida tokana izay holanian'ny daholobe ary nanasongadina fa misy tokoa ny firaisan-kinan'ny Solombavambahoaka ankehitriny.

Taorian'ny fandraisam-pitenenan'ny Solombavambahoaka, nitondra fanamarihana momba ny "vote électronique virtuel", Ramatoa Filoha. Nambarany tamin'izany, fa araka ny Fitsipika Anaty Manokana, ao amin'ny andininy faha-7, andalana faha-2 dia ny Solombavambahoaka tonga amin'ny fotoanan'ny fidifianana ihany no afaka mifidy. Noho izany, ialana tsiny, fa tsy mahazo mifidy amin'ny anaran'ny Solombavambahoaka FELICIEN Randrianantenaina, Ramatoa RAHERIARIJAONA Régina Clarisse avy any Farafangana sy izay hafa te-hanao izany. Miditra "connexion" ny Solombavambahoaka dia afaka mandatsabato raha te-hanefa ny adidiny.

Rehefa izany, nomena fitenenana ny Tale misahana ny Informatika eto amin'ny Antenimierampirenena, ka toy izao no fanazavana nentiny mikasika ny latsabato hatao.

Apetraka foana ny fanamarihana hoe: ny laharana ~~'ny efitrano~~ sy ny anaran'ny Solombavambahoaka ary ny Distrika nahavoafidy azy dia tsy maintsy voalaza mazava tsara satria hafindra efitrano izay olona tsy tokony hifidy. Alohan'ny hamindra izany no hanomezana ny isan'ny Solombavambahoaka afaka mifidy.

Ohatra amin'izany, misy fanamarihana iray tianay hatao: ny laharana faha-112, Andriamatoa RASOLONIAINA Robert, avy any Mananara Avaratra dia mitovy laharana amin'Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré. Misy fifangaroana eo ka tsy fantatra hoe iza no tena manana an'io laharana io. Tsy maintsy ho hamarinina aloha izay vao azo atao ny fidifianana.

Manaraka, ny olona mampiasa ny "galaxie A20s", raha Solombavambahoaka izy dia iangaviana handefa ny "vidéo" mba hahalalanay hoe iza izy; raha tsy izany, hotsoahana tsy ho anisan'ny mpifidy io olona io.

Farany, hisy karazana "formulaire" hitranga any amin'ny Solombavambahoaka mialaza hoe: fidifianana izay ho Filoha Lefitra avy any Toamasina, misy hoe 043 sy ny anaranay eo. Ny eo ambany kosa milaza hoe tsy maneho ny heviny. Mifidy iray amin'ireo ianareo, avy eo manindry amin'ny "bouton" misoratra hoe "soumettre". Rehefa vita izay dia miala ny "formulaire". Tapitra koa izany ny fidifiananareo. Aorian'izay, asehonay ny vokatra. Ampahatsiahivina fa "anonyme" na latsabato miafina tanteraka satria na izahay avy amin'ny fandrahahana aza, tsy mahalala hoe iza no nifidy an'iza.

Taorian'izay, nanamarika Ramatoa Filoha, fa ny Filoha Lefitra avy eto Antananarivo no laharana faha-113.

Rehefa izany, nomena fitenenana, Ramatoa NAHARIMAMY Lucien Irmah, kandida tokana nilatsaka hofidiana ho Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'i Tomasina, ka toy izao no nambarany.

Niarahaba an-dRamatoa Filoha ho salama tsara hatrany izy, torak'izany koa ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra, ny Filohan'ny Vaomiera Maharitra ary ny Solombavambahoaka rehetra.

Niarahaba ny rehetra nahatratra ny Pentekosta koa ny tenany ary nirary ny daholobe mba hilatsahan'ny Fanahy Masina sady ho lavitry ny valan'aretina "covid-19" avokoa isika mianakavy.

Nanao fiarahabana tamin'ny fitenim-paritra tsirairay koa izy taorian'izay.

Nambarany avy eo, fa nanolo-tena ho Filoha Lefitra izy ary hisokatra ny varavaran'ny Faritanin'i Toamasina amin'ny fiara-miasa sy vonona hifanome tànana amin'ny rehetra koa ny tenany.

Raha ny traikefa ananany kosa, efa voatendry ho mpikambana tao amin'ny Kongresin'ny Tetezamita izy, voafidy Solombavambahoaka indroa. Tamin'ny taona 2013, voafidy tao amin'ny Distrikan'i Mahanoro; ny taona 2019, voafidy Solombavambahoaka tao amin'ny Distrikan'i Toamasina I. Efa Minisitry ny Mponina ihany koa, araka ny voalazan'ny namana teo aloha.

Nirary ny Solombavambahoaka vehivavy hanao fetin'ny Reny sambatra amin'ny Alahady ho avy izao koa izy, indrindra ho an-dRamatoa Filoha.

Teo ampamaranana, nitaona ny Solombavambahoaka rehetra hifidy ny tenany izy ary nisaotra tamin'ny fandaminana nataon'ny GPR.

Rehefa izany, nisaotra azy, Ramatoa Filoha, sady nanambara fa hiroso amin'ny fandatsahambato ny Solombavambahoaka.

Taorian'izay, nilaza ny tomponandraikitra fa azo atomboka ny fifidianana satria efa vonona ny rehetra ary navoaka ny efitrano izay tsy mpifidy.

Toy izao ny vokatry ny latsabato:

- Isan'ny Solombavambahoaka nandatsa-bato: 97
- Vato azon-dRamatoa NAHARIMAMY Lucien Irmah: 87
- Tsy nilaza ny heviny: 10

Rehefa izany, nambaran-dRamatoa Filoha, fa voafidy ho Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'i Toamasina, Ramatoa NAHARIMAMY Lucien Irmah.

Niarahaba azy tamin'ny anaran'ny tenany manokana, Ramatoa Filoha, taorian'izay ary nitondra fiarahabana avy tamin'ny Solombavambahoaka rehetra koa. Nirary soa ho azy noho ny fahasoavana miditra aminy satria sady voafidy ho Filoha Lefitra izy no nahazo taranaka ihany koa.

Taorian'izay, fisaorana ny GPR tamin'ny fandaminana nataony ary nisaotra ny Vondrona Parlemantera IRD ihany koa, Ramatoa Filoha, tamin'ny firaisan-kina nasehony androany sy ho amin'ny manaraka.

Tso-drano hahavita be amin'ny adidy miandry ny Filoha Lefitra vaovao no namaranany ny teniny.

Rehefa izany, nomena fitenenana Ramatoa Filoha Lefitra vao voafidy, ka fisaorana ny rehetra tamin'ny firaisan-kina nasehony no nataony ary nisaotra an'Andriamatoa Filohampirenena ihany koa izy.

Taorian'izay, nisy Solombavambahoaka vitsivitsy nangataka hiteny ka nomen-dRamatoa Filoha fitenenana:

Andriamatoa ANDRIANJANA HARY Fanomezantsoa, raha nomena fitenenana dia niarahaba ny Filoha Lefitra vao voafidy ary nanamarika, fa tokony ho ny Solombavambahoakan'i Marolambo no fidiana ho Filohan'ny Vaomiera rahampitso raha azo atao satria nisintona ny filatsahan-kofidiana ho Filoha Lefitra izy noho ny fandaminana natao.

Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, kosa nanamafy ny fiarahabana nataon'ny namany teo aloha. Nanamarika izy fa ny Filohan'ny Vaomiera ihany no hofidiana rahampitso, fa ny mpikambana ao anatiny tsy tokony hiova.

Toy ny namany, fiarahabana no nataon'Andriamatoa RAZAKANDRAINY Henri Dominique, ny Filoha Lefitra vaovao ary notsindriany fa efa maty ny Filohan'ny Vaomiera teo aloha izay avy tao amin'ny Faritra Atsimo Andrefana.

Nametraka fanontaniana izy raha azo atao ny mamerina ny olona hofidiana amin'io toerana io ho an'ny Faritra Atsimo Andrefana hatrany.

Tso-drano sy firarian-tsoa no nataon'Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène ho an'ny Filoha Lefitra vaovao ary nampiany fiangaviana ny Solombavambahoaka mba hanome io toeran'ny Filohan'ny Vaomiera io ho an'ny Faritanin'i Toliara.

Talohan'ny hiatoan'ny favoriana, nitondra fanamarihana, Ramatoa Filoha, fa Andriamatoa Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena no hanome fanazavana rahampitso raha io resaka Vaomiera io no tenenina.

Raha mikasika ny fangatahan'ny namana teo, aleo mifanatona ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera handamina an'izany satria hita fa namaly ny hetahetan'ny rehetra ny ezaka natao hahazoana filaminana eto amin'ny Antenimierampirenena.

Nomarihany, fa nahomby ny fifidianana ampitain-davitra natao androany, ka manentana ny Solombavambahoaka rehetra mba hanao izany koa amin'ny fifidianana hatao rahampitso momba izay ho Filohan'ny Vaomiera miandraikitra ny fandinihana ny fangatahana fampiatoanan'ny fitazonana am-ponja, ny fepetra tsy hanomezana fahafahana na ny fanenjehana Solombavambahoaka iray.

Niato tamin'ny 12 ora sy 5 minitra, atoandro, ny favoriana rehefa avy nisaotra ny rehetra, Ramatoa Filoha.

